

KAOMININA ANTEHIROKA

Notorian'ny lefitra voalohany any amin'ny Bianco ny ben'ny tanàna

Nisaraka ny lalana eo amin'ny ben'ny tanàna sy ny lefitra voalohany, ao amin'ny kaominina Antehiroka distrikan'Ambohidratrimo. Nesorin'ny ben'ny tanàna tamin'ny toerany Ramatoa lefitra voalohany, nilaza ity farany fa tsy ara-drariny ny fanesorana azy ary nitony ny ben'ny tanàna any amin'ny Bianco izy, noho ireo fandikandalàna misy ao amin'ny kaominina. Ny faran'ny herinandro teo, nitafa tamin'ny mpanao gazety Ramatoa lefitra voalohan'ny kaominina teo aloha, Randrianarivelo Toky Harilanto, nitaraina fa voaroaka tamin'ny tsy rariny. Noroahin'ny ben'ny tanàna tsy ho lefitra voalohany tao amin'ny kaominina intsony ity farany, nanomboka ny 12 septambra 2023 lasa teo. Antontan'ny fandroahana, ny tsy fanekena hanao sonia taratasy izay nambarandRamatoa Toky Harilanto, dia nilaza ho vavolombelona nanatri-maso ireo fandikandalàna maromaro nitranga tao amin'ny



Ramatoa lefitra voalohan'ny ben'ny tanànan'Antehiroka teo aloha (afovoany), nitafa tamin'ny mpanao gazety.

kaominina ihany koa ity farany. Ary nanitrikitrika fa tsy nanaiky ny hiray tsikombakomba tamin'izany, ka izao niifara tamin'ny fandroahana izao. Nilaza fa manana porofo mikasika an'ireo fandikandalàna nitranga tao amin'ny kaominina ireo izy ary efa nametraka fitarainana teny anivon'ny Birao Mahaleotena Miady amin'ny Kolikoly (BIANCO) mikasika izany, ny alatsinainy 18 septambra lasa teo. Ankehitriny, « matahotra

ny aiko, ny ain'ny ankohonako ary ny ain'ny fianakaviako aho amin'izao fijoroako izao kanefa vonona hijoro hatramin'ny farany», hoy izy, teo anatrehan'ny mpanao gazety. Manaiky ity farany fa tena fahefan'ny ben'ny tanàna ny mandroaka azy saingy mahatsapa ity farany, fa tamin'ny tsy rariny no nandroahana azy. Raha vaoroaka izy ny 12 septambra, ny androtr'iny ihany, dia efa tonga ny mpisolotoerana, na dia

efa nanao « opposition » aza, araka ny nambarany. Ankotra ny maha-lefitra voalohan'ny ben'ny tanàna azy dia nomarihiny fa izy no anisan'ny mpamolavola ny tetikasan'ny kaominina tao an-toerana hatramin'izay. Mbola nitaky ny tambin-karamany tsy voaray nandritra ny 19 volana tao amin'ny kaominina koa ny tenany. Niezaka niantso ny ben'ny tanàna hitondra fanazavana mikasika ity raharaha ity ny mpanao gazety maromaro tonga teny an-toerana. Nandray ny antso ity farany ary niantso ny mpanao gazety ho tonga teny amin'ny biraon'ny kaominina Antehiroka. Rehefa tonga teny anefa ny mpano gazety maromaro, dia nambarana ireo tomponandraikitra, fa tsy ao ny ben'ny tanàna ary tsy afaka mandray mpanao gazety ilay lefitry ny ben'ny tanàna mpisolotoerana vaovao tao amin'ny kaominina. Andrasana arak'izany ny ho tohin'ity raharaha ity.

Niaina

Kara-pifidianana any amin'ny fokontany

Mbola maro ireo tsy fahatomombanana hita

Mbola maro amin'izao fotoana ireo tsy fahatomombanana hita amin'ireo kara-pifidianana tonga any amin'ny fokontany, araka ny fanadihadiana nataon'ny mpanao gazety. Efa tonga any amin'ny fokontany nanomboka tamin'ny herinandro lasa teo iny ny karatry ny mpifidy. Nisy ny efa naharay ny karany ny mpifidin'ny fokontany rehetra manerana ny Nosy. Entanina ireo mbola tsy nahazo, ho tonga haka ny kara-pifidianana izay. Maromaro anefa ny tranga miseho any amin'ny fokontany araka vaovao azo sy fitarainana voaray. Ao ireo efa nodimandry maherin'ny 05 taona lasa,



Kara-pifidianana avy amin'ny CENI.

izany hoe efa tsy mpifidy hatramin'ny fifidianana tamin'ny 2018 kanefa mbola anisan'ireo namoahan'ny CENI karatra. Ao ihany koa ireo efa mpifidy ihany, fa tsy tafiditra tao anaty lisitra vonji-

maika, ka nanao fanamarihana teny amin'ny fokontany dia tafiditra nialohan'ny lisitra ofisialy, kanefa tsy nahazo karatra izao. Ankoatra ireo dia misy koa ny tranga fahadi-

soana anarana. Mpifidy maromaro no diso anarana ao amin'ny kara-pifidianana. Sahirana izy ireo, satria ny any anivon'ny fokontany tsy manana vahaolana ny amin'izany, fa ny mizara ny karatra ihany no voalaza fa ataony. Misy ihany koa ireo karatry ny mpifidy tsy tonga any amin'ny tompony kanefa efa tsy any amin'ny CENI. Voalaza fa very noho ny tsy fandriampahalemana misy any amin'ny fokontany. Koa manaitra ny sain'ny tomponandraikitra ireo manana olana ireo, hijery ny vahaolana momba izao resaka kara-pifidianana izao.

Isambilo

FIBA Africa Regional Youth camp women

Lasa any Kigali ireo solontena Malagasy



Solontena Malagasy nanainga teny Ivato.

Nanainga teny amin'ny seranam-piaramanidina teny Ivato tamin'ny faran'ny herinandro teo, ireo solontena Malagasy handeha hiatrika ny hetsika "FIBA Africa Regional Youth camp women", hotontosaina any Kigali Rwanda hanomboka anio talata 26, ka hatramin'ny alakamisy 28 septambra 2023 ho avy izao, izay marihana fa hetsika fampandrosoana ny taranja basikety baolina amin'ny ankapobeny ary natokana ho an'ireo andriambavilanitra. Niisa telo izy ireo dia ny Coach Jaofera Minoharisoa Christiane (Club BCF Atsimo Atsinanana), sy ireo mpilalao Rakotomanana Theodora Voahangy Estelle (Club ASCUT Atsinanana) ary Rasolofonjanahary Mbola Sahazana (Club ASA Analamanga).

Rainilita

Foire Internationale de l'agriculture andiany faha-5 Fahombiazana ho an'ny mpamokatra ny nandraisany anjara

Maro ireo mpandray anjara nahalafa ny entana namidy ; betsaka ireo mpitsidika nahita izay zavatra nahasoa ; tsy tambo isaina ny olona nanapa-kevitra ny hiroso amin'ny fandraharahana amin'ny fambolena sy ny fiompiana ary ny jono ; betsaka ireo mpisehatra amin'ny famokarana nahita lalam-barotra vaovao. Io no azo namintinana ny 4 andro nanatanterahana ny tsenabe iraisam-pirenena ho an'ny famokarana (FIA) andiany faha 5, izay natao tetsy amin'ny tokontany malalaka « Hazovato Forello Expo » etsy Tanjombato. Nilaza Ramatoa Ramanantsoa Harilala, tompon'andraikitra ny serasera eo anivon'ny « Hazovato Forello », fa nampiavaka ny hetsika ara-barotra « Fia 2023 » ny fametrahana ny guichet agricole unique » ahitana an'ireo tolotra ilain'ny mpamokatra amin'ny fanatsarana ny tontolon'ny fambolena sy ny fiompiana ary ny jono, ahitana toro-lalana sy toro-hay momba ny seha-pihariana sy ny lalam-barotra mifanandrify amin'izany, ahitana ny zavatra tokony hataon'ny olona mba hahazoana ny « Agrément », ahitana an'ireo singa vitsivitsy mamaly ny filan'ny tantsaha, ao anatin'izany ny tohana ho an'ny famokarana, tolo-kevitra ho an'ny fananan-tany, tolo-kevitra ho an'ny fanodinana ny vokatry, tohana ho an'ny famatsiam-bola, tohana ho an'ny fitaovam-pamokara, tolo-kevitra momba ny fanampiana ataon'ireo tranoben'ny tantsaha eny amin'ny faritra. Nanamafy ny mpikarakara, fa nahaliana ny mpitsidika ihany koa ny fampirantina ny biby fiompy avy amin'ny tantsaha mpamokatra avy amin'ny faritra 23 ary mbola hanolotra tolotra tsaratsara kokoa ny « Fia » amin'ny taona 2024 ho avy izao. Tombony amin'ny fitsidihana ny hetsika tahaka itony ny fahalalana ny kalitaon'ny vokatry maro eto Madagasikara, ny fisian'ny fiaraha- miasa eo amin'ny sehatra tsy miankina sy ny mpamokatra ary mpanjifa, ny fanovozana fahalalana amin'ny alalan'ny loa-bary andasy ataon'ireo manam-pahaizana amin'ny sehatry ny famokarana mifanindran-dalana amin'ny fivoaran'ny teknolojia, ny fahafantarana an'ireo fampirantina tolotra miaro ny tontolo iainana « Espace eco responsable ».

Franck Razakambelo



Ny hetsika teny Tanjombato ny herinandro lasa teo.

Camp Basket-ball FIBA Afrique Bamako 2023 Nifarana tamin'ny sabotsy teo

Nifarana tamin'ny sabotsy 23 septambra 2023 teo, tany Bamako Mali ny hetsika « Camp de Basket-ball FIBA Afrique » andiany faha-3, ka nisian'ny fifanandrian'ireo All-Star Game, tamin'ireo mpilalao mendrika indrindra niatrika an'ity « Camp » ity, ka anisan'ireo Coachs niisa 15 avy amin'ny Federasion nasionaly aty Afrika niatrika an'izany ilay teratany Malagasy Andriantantenaina Félix ary ilay mpilalao Rasetriarivony A'Ranty Harinosy kosa dia tao amin'ny ekipan'ny "Team Grey" no nisy azy. Marihana fa nahatratra 45 ireo tanora zatovolaha, avy amin'ny firenena Afrika niisa 30, nandray anjara tamin'ity hetsika ity.

Rainilita



Tany Bamako Mali.